**DIDIM-PITONDRANA LAHARANA FAHA- 2419/2018**
**anaovana ny fitsipika mifehy ny fitaovam-panjonoana mikendry ny haren' ny atirano amin' ny fari-dranomamy sy matsaboka amin' ny tanim-panjakana tsy azo amidy.**

Ny Minisitry ny Haren' ny Atirano sy ny Jono.

Araka ny Lalàmpanorenana;

Araka ny lalàna laharana faha-2015-053 tamin' ny 3 febroary 2016 anaovana ny fehezan-dalàna momba ny jono sy ny fiompiana anaty rano;

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2016-250 tamin' ny 10 aprily 2016, anendrena ny Praiminisitra, Lehiben' ny Governemanta;

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2016-265 tamin' ny 15 aprily 2016, novana sy nofenoin' ny didim-panjakana laharana faha-2016-460 tamin' ny 11 mey 2016, laharana faha-2017-148 tamin' ny 2 marsa 2017, laharana faha-2017-262 tamin' ny 20 aprily 2017, laharana faha-2017-590 tamin' ny 17 jolay 2017, laharana faha-2017-724 tamin' ny 25 aogositra 2017 ary laharana faha-2017-953 tamin' ny 12 oktobra 2017, anendrena ny mambra ao amin' ny Governemanta;

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2016-1 492 tamin' ny 6 desambra 2016, anaovana ny fandaminana amin' ny ankapobe ny asa aman-draharaha momba ny jono an-dranomasina;

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2016-1 308 tamin' ny 25 oktobra 2016, anaovana ny fandaminana asa aman-draharaha momba ny jono amin' ny fari-dranomamy sy matsaboka amin' ny tanim-panjakana tsy azo amidy;

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2014-298 tamin' ny 13 mey 2014, manondro ny anjara raharahan' ny Minisitra ary koa ny fandaminana ankapobe ny Minisiterany;

Araka ny tolokevitra avy amin' ny Talen' ny jono,

Dia mamoaka izao didim-pitondrana izao :

Andininy voalohany.- Ho fampiharana ny andininy faha-21 amin' ny didim-panjakana laharana faha-2016-1 308 tamin' ny 17 novambra 2016 anaovana ny fandaminana ny asa aman-draharaha momba ny jono amin' ny fari-dranomamy sy matsaboka amin' ny tanim-panjakana tsy azo amidy, ity didim-pitondrana ity dia natao hanisy fitsipika mifehy ny fitaovam-panjonoana mikendry ny haren' ny atirano amin' ny ranomamy sy matsaboka, ny farihy, ny renirano ary riakasia amin' ny tanim-panjakana tsy azo amidy.

And.2.- Araka ity didim-pitondrana ity, ny atao hoe :

- Ilan' ny mason' ny harato : elanelana manasaraka ny afovoan' ny fatorana eo afovoan' ny fatorana mifanaraka.
- Harato toraka : Harato miendrika telozoro mivelatra, misy vesatra ny manodidina azy sy tanana amin' ny alalan' ny tady eo afovoany, ary atsipy eny amin' ny sisin-drano na avy eny ambony lakana, dia misambotra ny trondro rehefa milatsaka sy mihidy.
- Harato misy masony : ny harato misy masony dia mety ho, mitsingevana ambony rano na manakaiky ny fanambanin' ny rano ary tsy mihetsika eny afovoan-drano. Namboarina tamin' ny lamban' harato misy zorony efatra sy misy tady roa amin' ny sisiny : tady amin' ny sisiny ambony misy mampitsingevana azy ary tady amin' ny sisiny ambany misy vesatra. Ny ilan' ny harato dia mety ahitana tady amin' ny sisiny mijidina.
- «Sihitra» : Ny fanjonoana ny trondro sy ny horana madinika natao sakafon' olombelona izay atolotra ao amin' ny tovana ny lisitra dia tsy maintsy tanterahina amin' ny alalan' ny harato antsoina amin' ny ankapobeny «Sihitra». Ny Sihitra dia harato misy masony misy paosy eo afovoany, natao ho efitra misambotra ary vita amin' ny tady fanjonoana mahazatra ary koa elatra roa isaky ny sisiny izay vita aminy tady fanjonoana mahazatra.
- «Vovo» : ny vovo dia namboarina mba ahafahan' ny trondro na ny horana miditra ao anatin' ny fandrika amin' ny alalan' ny masony sahaza izany ary manaraka izany mba tsy ahafahany mivoaka intsony. Ny vovo dia afaka asina na tsia sakafo fandrika izay misintona ny karazana izay tiana ho azo. Izany dia harafitra amin' ny zavatra maro karazana ary afaka

**ARRETE N° 2 419/2018**
**portant réglementation des engins de pêche ciblant les ressources halieutiques dans les plans d'eaux continentaux et saumâtres relevant du domaine public de l'Etat.**

Le Ministre des Ressources Halieutiques et de la Pêche.

Vu la Constitution;

Vu la loi n° 2015-053 du 3 février 2016, portant code de la pêche et de l'aquaculture;

Vu le décret n° 2016-250 du 10 avril 2016, portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement;

Vu le décret n° 2016-265 du 15 avril 2016, modifié et complété par les décrets n° 2016-460 du 11 mai 2016, n° 2017-148 du 2 mars 2017, n° 2017-262 du 20 avril 2017, n° 2017-590 du 17 juillet 2017, n° 2017-724 du 25 août 2017 et n° 2017-953 du 12 octobre 2017, portant nomination des membres du Gouvernement;

Vu le décret n° 2016-1 492 du 6 décembre 2016, portant réorganisation générale des activités de pêche maritime;

Vu le décret n° 2016-1 308 du 25 octobre 2016, portant organisation des activités de pêche dans les plans d'eau continentaux et saumâtre du domaine public de l'Etat;

Vu le décret n° 2014-298 du 13 mai 2014, fixant les attributions du Ministre ainsi que l'organisation générale de son Ministère;

Sur proposition du Directeur de la pêche.

Arrête :

Article premier. - En application de l'article 21 du décret n° 2016-1 308 du 17 novembre 2016 portant organisation des activités de pêche dans les plans d'eaux continentaux et saumâtres du domaine public de l'Etat, le présent arrêté a pour objet de réglementer les engins de pêche ciblant les ressources halieutiques d'eau douce et saumâtre, des lacs, des rivières et lagunes relevant du domaine public de l'Etat.

Art. 2. - Au sens du présent arrêt, on entend par :

- Côté de maille : distance séparant un milieu de nœud au milieu de nœud consécutif.
- Epervier : Filet en forme de cône évasé, lesté à sa périphérie et retenu par une ligne amarrée en son centre, et qui lancé du rivage ou d'une embarcation, capture les poissons en retombant et en se refermant sur eux.
- Filet maillant : le filet maillant peut être soit, dérivant en surface ou près du fond et calé en pleine eau. Il est constitué d'une nappe de filet de forme rectangulaire et de deux ralingues : ralingue supérieure munie de flotteurs et ralingue inférieure munie de lest. Les cotés du filet peuvent avoir des ralingues verticales.
- «Sihitra» : la pêche aux poissons et aux crustacés de petite taille destinés à la consommation humaine dont la liste est présentée en annexe doit s'effectuer à l'aide d'un filet appelé communément «Sihitra» . Le «Sihitra» est un filet maillant pourvu de poche au milieu, servant de chambre de capture et confectionné avec du fil de pêche conventionnel ainsi que de deux ailes à chaque côté confectionnés avec du filet de pêche conventionnel.
- «Vovo» ou nasse : les nasses sont réalisées de telle manière que le poisson ou le crustacé rentre dans le piège par un orifice approprié et qu'ensuite il ne puisse plus ressortir de lui-même. Les nasses peuvent ou pas contenir un appât qui attire les espèces que l'on veut capturer. Elles sont constituées d'une armature de tout type et peuvent être

rakofana fefy vy na plastika na koa harato. Ny vovo dia manana fidirana iray na maromaro izay amin' ny sisiny sy rakotra azo ametrahan' ny mpanjono ny sakafo fandrika sy hakana ny voasambotra.

And.3.- Ny mason' ny harato ampiasaina mba hihazana trondro na horana an-dranomamy sy matsaboka dia tsy maintsy farafahakeliny 20 mm ny ilan' ny mason' ny harato (40 mm mihenjana). Ny halavan' ny harato dia tsy mahazo mihoatra ny roanjato (200) metatra. Ny sakany dia miovaova arakaraky ny halalin' ny rano.

And.4.- Ny mason' ny «vovo» dia tsy maintsy farafahakeliny 30 mm amin' ny ilany ho an' ny harato efajoro ary 20 mm ho an' ny harato telozoro.

And.5.- Ny mason' ny harato toraka dia tsy maintsy latsaky ny 15 mm amin' ny ilany ho an' ireo harato efajoro ary 20 mm ho an' ny harato telozoro.

And.6.- Ny «sihitra» nahazoan-dalana dia tsy maintsy ahitana ireto toetoetra manaraka ireto :

- Halavan' ny paosy raha be indrindra : 2 metatra;
- Sakan' ny fisokafany raha be indrindra : 2.5 metatra;
- Haavon' ny fisokafan' ny raha be indrindra : 0.80 metatra;
- Halavan' ny elatra roa mitambatra raha be indrindra : 60 metatra;
- Mason' ny ilan' ny paosy raha kely indrindra : 2 mm;
- Mason' ny ilan' ny elatra raha kely indrindra : 10 mm.

Ny fampiasana ny «Sihitra» ho toy ny fitaovam-panjonoana tsy mihetsika dia voarara tanteraka. Tsy maintsy mifindrafindra foana izany.

And.7.- Tsy tohinina ny fepetra voalazan' ny andininy faha-17 amin' ny Lalàna anaovana ny fehezan-dalàna momba ny jono sy ny fiompiana anaty rano, ny fomba sy fanatanterahana ny jono manaraka etoana dia voarara tanteraka indrindra :

- Ny fampiasana farango vy;
- Ny sakana vita amin' ny harato tsy mihetsika eo anivon' ny riakasia, renirano, sakeli-drano ka ny fisokafany dia maharakotra ny mihoatra ny 50% amin' ny sakan' ny rano mandeha sy raha toa ireo sakana ireo ka mety manelingelina ny fifindran' ny trondro, ny fivezivezen' ny lakana sy ny botry;
- Ny jono amin' ny harato be na «ramikaoka»;
- Ny fampiasana sakafo fandrika voajanahary izay mety manakorontana ny rohivoahary anaty rano indrindra ny apombo...

And.8.- Ny mpanjono dia tsy maintsy mandray ny fepetra ilaina mba hamerana ny fahaverezan' ny fitaovam-panjonoana mba hisorohana izay rehetra fanimbana ny rohivoahary.

And.9.- Ny tovana 1 amin' ity didim-pitondrana ity dia ho anisany manontolo amin' ity didim-pitondrana ity.

And.10.- Izay rehetra fandikana ity didim-pitondrana ity dia ho enjehina ary faizina araka ny fepetra voalazan' ny lalàna laharana faha-2015-053 tamin' ny 3 febroary 2016, anaovana ny Fehezan-dalàna momba ny jono sy ny Fiompiana anaty rano.

And.11.- Foanana ary dia foana ny fepetra rehetra teo aloha sy mifanohitra amin' ity didim-pitondrana ity, indrindra ny didim-pitondrana laharana faha-14 297/2012 anaovana ny fitsipika mifehy ny fitaovam-panjonoana mikendry ny haren' ny atirano avy amin' ny ranomamy sy matsaboka, ny farihy, ny renirano ary riakasia amin' ny tanim-panjakana tsy azo amidy.

And.12.- Ny Minisiteran' ny Haren' ny Atirano sy ny Jono, ny Sekretariam-panjakana miandraikitra ny Zandarimaria, ny Minisitera miandraikitra ny Filaminana Anatiny, ny Minisitera miandraikitra ny Fitsarana no miandraikitra, araka ny tandrify azy avy, ny fampiharana ity didim-pitondrana ity izay ho ampahafantarina na aiza na aiza ilana izany.

Antananarivo, ny 7 febroary 2018.

GILBERT François.

recouverte d'un grillage métallique ou plastique ou encore en filet. Les nasses possèdent une ou plusieurs entrées qui sont disposées sur les côtés et une trappe de visite permettant au pêcheur de placer l'appât et de retirer la capture.

Art. 3.- Le maillage du filet utilisé pour la capture de poisson ou de crustacé d'eau douce et d'eau saumâtre lacustre doit être au minimum 20 mm de côté de maille (40 mm étiré). La longueur du filet ne doit pas excéder deux cent (200) mètres de longueur. La largeur peut être variable suivant la profondeur du lac.

Art. 4.- Les jours des «Vovo» ou nasse doivent avoir au moins 30 mm en coté pour les mailles en carré et 20 mm pour les mailles en triangle.

Art. 5.- Les jours des filets des éperviers doivent avoir au moins 15 mm en coté pour les mailles en carré et 20 mm pour les mailles en triangle.

Art. 6.- Les «Sihitra» autorisés doivent présenter les caractéristiques suivantes :

- Longueur maximale de la poche : 2 mètres;
- Largeur maximale de l'ouverture : 2.5 mètres;
- Hauteur maximale de l'ouverture : 0.80 mètre;
- Longueur maximale des deux ailes réunies : 60 mètres;
- Maillage de côté minimum de la poche : 2 mm;
- Maillage de côté minimum des ailes : 10 mm.

L'utilisation du «sihitra» comme engin de pêche fixe est strictement interdite. Il doit être toujours en déplacement.

Art. 7.- Sans préjudice des dispositions de l'article 17 de la Loi portant code de la pêche et de l'aquaculture, les méthodes et pratiques de pêche ci-après sont formellement prohibées notamment :

- L'usage de harpon;
- Les barrages de filet fixes au niveau de lagune, rivière,bras mort de cours d'eau dont l'ouverture couvre plus de 50% de la largeur du cours d'eau et dans le cas où ces barrages sont susceptibles d'entraver la migration des poissons, la circulation des chalands et pirogues;
- La pêche à la senne ou «ramikaoka»;
- L'usage des appâts organiques qui risquent d'entrainer une déstabilisation de l'équilibre de l'écosystème aquatique notamment les sons de riz...

Art. 8.- Les pêcheurs doivent prendre les dispositions nécessaires pour limiter la perte des engins de pêche afin d'éviter toutes nuisances à l'écosystème.

Art. 9.- L'annexe 1 du présent arrêté fait partie intégrante du présent arrêté.

Art. 10.- Toute infraction au présent arrêté sera poursuivie et réprimée conformément aux dispositions de la loi n° 2015-053 du 3 février 2016, portant Code de la Pêche et de l'Aquaculture.

Art. 11.- Toutes dispositions antérieures et contraires au présent arrêté sont et demeurent abrogées, notamment l'arrêté n° 14 297/2012 portant réglementation des engins de pêche ciblant les ressources halieutiques d'origine eau douce et saumâtre, dans les lacs, rivières et lagunes relevant du domaine public de l'Etat.

Art. 12.- Le Ministère des Ressources Halieutiques et de la Pêche, le Secrétariat d'Etat en charge de la Gendarmerie, le Ministère en charge de la Sécurité Intérieure, le Ministère en charge de la Justice sont chargés chacun en ce qui les concernent de l'application du présent arrêté qui sera diffusé partout où besoin sera.

Antananarivo, le 7 février 2018.

GILBERT François.